


## NY EMV SY NY EMTV

| Tokony hanana **ireto fahalalana ireto** aho : endrika isehoan'ny EMV sy ny EMTV ao anaty fehezanteny tso-drafitra sy mivadi-drafitra. | Ary manana **ireto fahaiza-manao ireto** :<br>- manavaka ny EMV sy EMTV ao anaty fehezanteny<br>- mamorona fehezanteny misy EMV sy EMTV |
|---|---|

**Aorian'ny lesona dia afaka** manavaka ny EMV sy EMTV ao anaty fehezanteny sy mamorona fehezanteny misy EMV sy EMTV aho.

### NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA

Ny fiompiana dia anisan'ny zava-dehibe eo amin'ny tantsaha. Manampy izany eo amin'ny fiainana andavanandro koa ny fambolena. Ny tena ilofosan'izy ireo dia ny fambolem-bary. Mifanampy anefa ny fambolena sy ny fiompiana. Ny manome zezika mahavokatra ny tanimbary dia avy amin'ny fiompiana. Ahazoana sakafon'ny biby fiompy ihany koa ny fambolena. Maro ny tombontsoa azon'ny olombelona avy amin'izy roa ireo.



### SAHANASA 1 : MAMAKY FEHEZANTENY AHO

- vakiako ireo fehezanteny ao anaty lahatsoratra.
- mandinika ireo fehezanteny misy EM aho.
- **inona ny teny mialoha ny EM ?** marihiko izay EM misy teny kely mialoha azy.

### SAHANASA 2 : MITENY / MANORATRA AHO

**Endrika isehoan'ny EM**

- mandinika ireo fehezanteny misy EM aho
- jereko izay teny miaraka aminy, na misy mpanoritra na tsy misy mpanoritra

**Firafitry ny fehezanteny**

- jereko ny firafitry ny fehezanteny
- lazaiko ny isan'ny fehezanteny ao amin'ny lahatsoratra
- vakiko tsirairay ny fehezanteny dia adikako ao anaty kahie

**Fandrasana fehezanteny**

- apetrako ny anjara asan'ny teny tsirairay ao anaty fehezanteny
- soratako na voasoritra na tsy voasoritra ny EM, ary porofoiko (am-bava)
- lazaiko ny rafitry ny fehezanteny tsirairay dia soratako mifanitsy aminy avy eo

### SAHANASA 3 : MANITATRA AHO

- mamorona fehezanteny tso-drafitra 3 misy EMTV, mikasika ny fambolena aho.
- mamorona fehezanteny 3 misy EMV momba ny fiompiana aho.
- mamorona fehezanteny mivadi-drafitra mikasika ny olombelona aho, misy EMTV 2, misy EMV 2.

**SAHANASA 4 : MAHAY AHO VE?**



- omeko ny anjara asan'ny teny tsirairay ao anatin'ireto fehezanteny ireto ary marihiko na voasoritra na tsia ny EM :

F1- Ny fiompiana **no** manampy betsaka ny mpamboly amin'ny fivelomana.
F2- Afatratra ao anaty gony ny mangahazo.
F3- Ny mitaona ny vary **dia** ny saretin'i Bekama.
F4- Ampidirana rano ny tanimbary alohan'ny hanetsana.
F5- Ny araraka ao an-tsompitra **dia** ny vary akotry hotahirizina.
F6- Manavaka ny soanambo vaventy amin'ny soanambo madinika ilay mpivarotra.

- manoratra andalan-tsoratra aho mitantara fohy ny fiompiana, na fambolena mba tiako hatao ka asiako EM voasoritra sy EM tsy voasoritra.